# Voa Tsara nafafy 11 May 2018

**11** **Zoma**
mey

**Fa ianareo kosa manao Ahy ho iza ? ... Ianao no Kristy, Zanak'Andriamanitra velona. Dia namaly Jesosy ka nanao taminy hoe : ... ambonin'ity vatolampy ity no haoriko ny fiangonako *(na eglizy-ko)*.** Matio 16. 15-18

**Fa tsy misy mahay manao fanorenana hafa afa-tsy izay natao, dia Jesosy Kristy.** 1 Korintiana 3. 11

**Fa ao amin'ny tenany *(Kristy)* no itoeran'ny fahafenoan'ny fomban'Andriamanitra rehetra.** Kolosiana 2. 9

## Sandoka (2)

Nambarantsika omaly fa ny fivavahana sasany, na dia mindrana zavatra avy amin'ny finoana kristiana aza, dia misandoka ny marina, raha ny tena izy.

Ireny fivavahana ireny dia mandray an'i Jesosy ho olona sy ho mpaminany malaza, nefa mandà tanteraka ny maha Andriamanitra Azy. Hajaina fatratra Izy, saingy tsy ekena ho Zanak'Andriamanitra, dia *Ilay Andriamanitra Zanaka*. Izany dia mifanohitra tanteraka amin'ny fampianaran'ny Baiboly momba an'i Jesosy : „Andriamanitra ... Ilay naseho teo amin'ny nofo" (1 Timoty 3. 16). „Ny Teny dia Andriamanitra... Ary ny Teny dia tonga nofo ka nonina tamintsika" (Jaona 1. 1, 14). Ary na ny anarany aza, dia manambara ny maha Izy Azy : Jesosy dia midika hoe „Andriamanitra Mpamonjy".

Miorina amin'io Olona sady Andriamanitra io ny finoana kristiana manontolo. Ny fanaovana tsinontsinona Azy dia fanozongozonana ny fanorenan'ny finoana kristiana, ary dia mirodana avokoa ny zavatra rehetra ! Ambanio ho olona tsotra Jesosy, eny fa na dia ataonao hoe olona faran'izay tsara indrindra tety an-tany aza, dia ho verinao avokoa ny zavatra rehetra. Tsy manana fanehoana an'Adriamanitra intsony ianao, tsy manana Mpamonjy, tsy manana fiadanana, tsy manana fanantenana ! Fa nahoana moa ? Satria ny maha Izy an'i Jesosy no manome lanja feno ny asa notanterahiny ; ary amin'ny alalan'izany asa izany no amonjeny izay rehetra mino Azy. Andriamanitra irery ihany no afaka maneho tanteraka an'Adriamanitra sy manatanteraka izay takian'ny fahamasinany. Ary izany no nataon'i Jesosy teo amin'ny hazofijaliana.

„Dinihinareo ny Soratra Masina, satria ... ireny no manambara Ahy", hoy Jesosy (Jaona 5. 39). Io no hany fefy miaro antsika tsy ho diso lalana noho ny ataon'ireo izay manimba ny Filazantsara madio manambara ny famonjena antsika.